COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE

CENI

MADAGASCAR

SEHATRA IFAMPIDINIHANA

Lahadinika fototra:

Ny famaranana vonjimaika ny lisitry ny mpifidy sy ny fisokafan'ny fe-potoana fanaovana fanamarihana, fitarainana ary fanitsiana.

Febroary 2018

TANJONA SY FANAMBY

- Lisitry ny mpifidy azo antoka, ahafahana manatontosa fifidianana eken'ny rehetra,
- Asa fanavaozana ny lisitry ny mpifidy atao ao anatin'ny mangarahara tanteraka

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE

CENI MADAGASCAR

TSIAHY MIKASIKA NY LALANA MANANKERY

- **Ny RALE**: asa tsy maintsy tanterahina araka ny **voatondron'ny lalàna** (Andininy faha 26 @ Fehezan-dalàna mifehy ny fifidianana.

TAPANY VOALOHANY : 1desambra -31 janoary

Dingana 1- Fanisana mpifidy (enrolement)

Ny asa eny anivon'ny Fokontany hanaovana fampidirana ireo mpifidy vaovao (addition) ary fanesorana ireo tsy izy (rentranchement).

Tsy misy asa fandraisana mpifidy vaovao na fanesorana izay mpifidy (enrolement) tokony hiala intsony eny anivon'ny CLRE (Fokontany) raha vao dila io datin'ny 31 janoary io.

Dingana faha 2- Famaranana vonjimaika ny lisitry ny mpifidy:

Fombafomba fanao ara-pitantanan-draharaha mba hahafahana mandrafitra ny lisitry ny mpifidy rehefa vita ny asa fanisana teny anivon'ny Fokontany.

✓ Lalana tokana ahafahana mampihatra izay voalazan'ny Andininy faha 14 sy faha 15 @ lalàm-pifidianana

(Fametrahana ny lisitra eny anivon'ny Fokontany sy fanamarinan'ny mpifidy ny anarany ao anaty lisitra).

✓ Io no fombafomba ahafahana mandray ny fitarainana (ho an'ny tsy voasoratra na hadino), ny fitsipahana (ho an'ny voasoratra tsy nahy na tsy an-drariny) ary ny fanamarihana (ho an'ny fahadisoana mikasika ny mombamomba ny mpifidy voasoratra ao anaty lisitra).

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE
CENI
MADAGASCAR

TSIAHY MIKASIKA NY LALANA MANANKERY

TAPANY FAHAROA : 31 janoary -15 aprily 2018

Dingana faha 3 : Ny asa fanarenana ny lisitry ny mpifidy:

Ny andininy faha 17 no mamaritra ny fe-potoana 20 andro hitondrana fitarainana na fanamarihana na fanitsiana.

Manomboka amin'ny daty anaovan'ny Mpiadidy fifidianana ny peta-drindrina milaza ny fahatongavan'ny lisitra ao amin'ny Fokontany io fepotoana io.

Manana fito andro ny CLRE hitondrana izay fanitsiana rehetra miainga amin'ireo fitarainana, fanamarihana na fanitsiana ireo.

Dingana faha 4: Famaranana tanteraka ny lisitry mpifidy :

Tsy maintsy atao araka ny voatondro ao amin'ny andininy faha 30 amin'ny lalàm-pifidianana.

Tsy maintsy ny **15 aprily** no anaovana ny famaranana tanteraka ny lisitry ny mpifidy. Lisitra efa vita printy no anaovana ny famaranana tanteraka.

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE
CENI
MADAGASCAR

NY FANDRAFETANA NY LISITRY NY MPIFIDY MIALOHAN'NY FAMARANANA VONJIMAIKA:

Ireo dingana samihafa tsara ho fantatra:

1) Famaranana eny anivon'ny CID ny asa fandikana anaty solosaina ireo vokatry ny fanisana (saisie) (mifarana 09 febroary 2018)
2) Fandravonana sy fanadiovana ny « base de données » (mifarana 11 febroary 2018) (dédoublonnage)
3) Fanaovana printy ny lisitry ny mpifidy (manomboka 12 febroary) eny anivon'ny CIR (Faritra) na foibe CNTDI
4) Fandefasana ny lisitra vita printy any @ CED (mifarana 19 febroary)
5) Famaranana vonjimika: (mifarana ny 20 febroary 2018 araka ny toerana)
6) Fanaparitahana ny lisitry ny mpifidy any amin'ny Fokontany

(mifarana 27 febroary 2018 ho an'ny Fokontany lavitra indrindra)

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE
CENI
MADAGASCAR

NY ASA FANARENANA NY LISITRY NY MPIFIDY

Ny fisokafan'ny fe-potoana azo anaovana fanamarihana na fitarainana

- ✓ Manao **peta-drindrina** avy hatrany ny Mpiadidy fifidianana raha vao tonga eo anivon'ny Fokontany ny lisitry ny mpifidy. Azo ampiana fampahafantarana amin'ny fomba fanao mahazatra eo anivon'ny Fokontany io asa io.
- ✓ Hajaina ny fe-potoana **20 andro** voatondro.
- ✓ **Fito andro** no tsy maintsy amitan'ny CLRE **ny fandraisany fanapahan-kevitra** mikasika ny fanitsiana, fanamarihana, fitsipahana.
- ✓ Rehefa vita ny asan'ny CLRE dia **ampiakarina indray eo @ CED** ny vokatry ny asa rehetra. Iandraiketan'ny **CID tanteraka ny « saisie ».**
- ✓ Rehefa vita ny saisie dia **ampiakarina any @ CIR hatonta printy ny lisitra farany mialohany famaranana tanteraka** eny @ CED.

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE
CENI
MADAGASCAR

NY OLANA ISAN-KARAZANY SEDRAIN'NY MPISEHATRA AMIN'NY FANAVAOZANA NY LISITRY NY MPIFIDY

- ✓ Voalazan'ny lalàna fa adidy ny fisoratana anarana ao anaty lisitry ny mpifidy (And.-2 CE). **Tsy misy didy aman-dalàna manery ny olom-pirenena hanao izany**.
- ✓ Ny **tsy fandriam-pahalemana** miseho anivon'ny ambaratonga samihafa (Fokontany, an-dalana mamonjy ny renivohitry ny Kaominina na ny renivohitry ny Distrika na ny renivohitry ny Faritra…)
- ✓ Ny **faharatsian'ny lalana sy/na ny tsy fisian'ny Taxi-brosy/dia an-tongotra tsy maintsy ataon'ireo olon'ny ratsa-mangaika**,
- ✓ **Fahalaviran**'ny Fokontany (misy mahatratra 102 Km miala ny Kaominina)
- ✓ Ny **fahatapahan'ny jiro matetika** na ny tsy fisiany mihintsy,
- ✓ **Fahasimban'ny fitaovana** ampiasain'ny CID,
- ✓ **Faharatsian'ny toetrandro** (manelingelina ny fitaovana fifandraisan-davitra sy ny fanapariahana ny listra,…).

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE

CENI

MADAGASCAR

Fampahafantarana hafa:

Ireto avy ireo masontsivana fototra itondrana ny fifaninana @ fanatsarana ny lisitry ny mpifidy 2017-2018

- ✓ **Taha fitomboan'ny fisoratana anarana (@ ankapobeny)**
- ✓ **Taha fitomboan'ny fisoratana anarana'ny vehivavy,**
- ✓ **Taha fitomboan'ny fisoratana anaran'ny tanora,**
- ✓ **Tahan'ny fahatongavan'ny lisitry ny mpifidy eny @ Fokontany,**
- ✓ **Ny fahitam-pototra ny asa natao (traçabilité des opérations).**

Ohatra : fahavitan'ny arrêtage ny kahie fanisana mpifidy,

- ✓ ***Tahan'ny fanadiovana ny lisitry ny mpifidy (fahavitan'ny asa fanalana ny « doublon »…)***

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE
CENI
MADAGASCAR

FANENTANANA

Manatona ny biraom-pokotany misy antsika tsirairay avy ka:

- Amarino ny fisoratantsika ao anatin'ny lisitry ny mpifidy
- Araho maso sy amarino ny fisoratana rehetra ka tondroy ny fisoratan tsy tokony ho izy (Maty, voasazy raikitra, nifindra monina)
- Soraty ny fitarainantsika ao anatin'ny boky firaketana an'izany izay hita ao amin'ny biraon'ny Fokontany ihany
- Entano ny ankohonana sy ny mpiaramonina mba hanao toy izany koa
- Mifanentana amin'ny maha zava-dehibe ny andraisan'ny tsirairay anjara mavitrika amin'ny raharaham-pifidianana

Entanina manokana ireo mpisehatra rehetra mba handray anjara mavitrika HATRANY (TOHIZANA) amin’ny fanentanana ny olom-pirenena amin’ny fanaraha-maso ny asa fanavaozana ny lisitry ny mpifidy

- Ny mpanao gazety
- Ny fiarahamonim-pirenena
- Ny antoko politika

Entanina manokana ihany koa

- Ny Fiarahamonim-pirenena
- Ny Antoko politika

Mba handray anjara feno sy mavitrika ao anatin’ny

- Vaomiera miadidy ny fanisana ny mpifidy eny anivon’ny Fokontany (CLRE)
- Vaomiera miadidy ny famaranana ny lisitry ny mpifidy eny anivon’ny distrika

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE
CENI
MADAGASCAR

TANJONA SY FANAMBY

- Lisitry ny mpifidy azo antoka, ahafahana manantotosa fifidianana eken'ny rehetra,
- Asa fanavaozana ny lisitry ny mpifidy atao ao anatin'ny mangarahara tanteraka

ANTOKY NY FILAMINANA SY NY FANDROSOANA

Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI MADAGASCAR

FIZARAM-BAOVAO MANOKANA

- Voafidy ho filoha lefitry ny RECEF ny Filohan'ny CENI-MADAGASCAR;

- Handray ny Fihaonana iraisam-pirenena faha 6 n'ny **RECEF** na ny Tamba-jotran'ireo CENIn'ireo firenena miteny amin'ny ampahany sy manontolo ny teny frantsay (**R**éseaux des **C**ompétences **E**lectorales **F**rancophones)

Fotoana : **20**, **21** ary **22 MARTSA 2018** ao **Antananarivo**

Laha-dinika : « Zotram-pifidianana mampiditra sy manome vahana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ireo vondron'olona …….(Un processus électoral inclusif favorisant la participation des femmes et des minorités) ».

Misaotra Tompoko ô